# LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement"

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA DECEMBRE 2023 N° 020

## L'EDITO



**2020-2023**: des années de trouble marquées par des tourments mondiaux, témoins de bouleversements qui ont laissé une empreinte profonde sur notre époque. Russie contre Ukraine, Israël contre le Hamas. En Afrique, plusieurs pays se préparent ou sont déjà engagés dans une guerre contre ce qu'ils appellent le "néo-colonialisme".
Ces guerres sont en tout genre: entre les Nations, entre les cultures, contre des pandémies, mais surtout, plus angoissant encore, contre l'Homme ou l'humanité.

En effet, nous nous rapprochons significativement de ce que certains philosophes appellent "l'abolition de l'homme". Elle consiste en la destruction de la nature humaine, en réduisant les individus à des objets manipulables, uniquement destinés à générer du bénéfice.

En outre, dans plusieurs pays, y compris le nôtre, l'homme tend de plus en plus à ressembler à du bétail, traité comme une machine à produire de la richesse. La dignité humaine n'existe plus, seul le profit compte.

Souvenons-nous du livre de William Cavanaugh portant un titre choquant: Être consommé. "L'auteur raconte l'histoire d'une jeune fille de 19 ans qui est morte après avoir travaillé sans interruption 16 heures par jour, pendant 60 jours d'affilée...."
Jusqu'où ira le monde dans cette "abolition de l'homme » (pour reprendre le titre de l'auteur C.S. Lewis)? Avons-nous un rôle à jouer pour empêcher ou au moins ralentir tout ceci autour de nous?

SUITE PAGE 3

# PAIX ET RECONCILIATION

Dans notre Éditorial, nous avons invité chaque lecteur à la conclusion suivante: "Le Dieu merveilleux, omniscient, omnipotent et omniprésent, est aussi notre père. Il désire la réconciliation avec ses enfants, quand bien même ces derniers sont infidèles. Il désire l'amour malgré la méchanceté du cœur humain. Faisons donc le choix de la paix. Faisons le choix de la réconciliation. Faisons de ce Noël 2023 un Noël d'unité avec Dieu ET avec les hommes. Vivant ainsi réconciliés, nous mettrons fin à cette "abolition de l'homme par l'homme".

Cette année encore, notre péricope de Noël, l'Évangile de Jean 1, tourne nos regards vers une dimension autre que ce que nous avons l'habitude d'aborder quand il s'agit de Noël. Nous avons l'habitude que l'on nous parle de la naissance de Jésus, de Marie et de Joseph, des anges, de bergers et des mages. Rien de tout ceci n'est à l'ordre du jour dans la quatrième Évangile. Ici, Jean nous place d'emblée devant le Christ Cosmique, le Christ-Jésus Maître de l'Univers, par qui a lieu la réconciliation avec Dieu et la fin de l'obscurité.

### JÉSUS EST LA VIE ÉTERNELLE

*"1 Au commencement était la Parole; la Parole était auprès de Dieu ; la Parole était Dieu. 2 Elle était au commencement auprès de Dieu. 3 Tout est venu à l'existence par elle, et rien n'est venu à l'existence sans elle. Ce qui est venu à l'existence en elle était vie, et la vie était la lumière des humains".*

Cette "Parole qui était auprès de Dieu" dont parle Jean se réfère à Jésus. Ce que dit Jean ici est tout à fait étonnant. Il ne dit pas que Jésus a la vie éternelle, ni qu'Il donne la vie éternelle. Bien plus, Jésus est la vie Éternelle. Ainsi, Jésus est lui-même le SALUT.

### LE SALUT EST DONNÉ PAR GRÂCE

Se pose dès lors une question: pourquoi Dieu a-t-Il pris l'initiative de rencontrer l'humanité? Au verset 5, nous pouvons lire que "**La lumière brille dans les ténèbres, et les ténèbres n'ont pas pu la saisir**." A cause du péché, l'humanité est incapable de percevoir quoi que ce soit de Dieu. L'humanité n'est pas seulement victime des ténèbres mais elle est ténèbres. Cependant, grâce et espérance sont évoquées par Paul dans Ephésiens 4.8: "Autrefois, en effet, vous étiez ténèbres, mais maintenant vous êtes lumière dans le Seigneur. Vivez comme des enfants de lumière".

Noël, dans la perspective johannique, est donc en quelque sorte une intrusion de Dieu, une entrée de Dieu en force dans notre vie pour nous révéler la grandeur de son amour et de sa grâce. Sans cela, aucun être humain n'aurait été capable de recevoir son Fils Jésus. 1.18: "Personne n'a jamais vu Dieu; Dieu le Fils unique, qui est dans l'intimité du Père, est celui qui l'a fait connaître".

### POURQUOI DONC NOËL?

Depuis que les ténèbres ont régné sur terre (Esaïe 60.2: "les ténèbres couvrent la terre et une obscurité épaisse recouvre les peuples ; mais sur toi le Seigneur se lève, sur toi sa gloire apparaît"), le processus de "l'abolition de l'homme par l'homme" a commencé. Noël est venu pour signer la fin de ce processus en nous permettant de devenir des enfants de Dieu en Jésus-Christ.

Soyons donc réconciliés avec Dieu et vivons dans la paix du Christ qui est parmi nous.

Dr Seth RASOLONDRAIBE

## « Akory ny hatsaran'ny tongotr'irỳ mitondra teny soa mahafaly erỳ an-tendrombohitra sady mitory fiadanana! » (Isaia 52.7)

# TENY SOA MAHAFALY

Tsindrian-daona ery ny vahoakan'Andriamanitra teo am-piandrasana vaovao satria tao anatin'ny fangejan'ny firenen-kafa izay nambabo azy izy. Tsy nahagaga raha tamin'ny fifafaliana lehibe no nandraisany an'izay iraka tonga milaza ny fanafahana azy ireo!

Very hevitra ny maro ankehitriny manoloana ny ady (firenena, fianakaviana, fivavahana) sy ny fikorontanan'ny tontolo iainana ary ny tsy fitovian'ny fari-piainana izay tena lalina tokoa eo amin'ny fiarahamonina.

Manoloana izany dia mahatsapa ireo mpandinika ny fiarahamonina fa mibosesika miverina amin'ny fivavahana ny firenena maro maneran-tany. Vaovao mahafaly ho an'izao tontolo izao àry ve izany? Tondraky ny vaovao sy ny hafatra marobe isika, izay asesiky ny fivavahana maro na hafa, eo amin'ny sehatry ny tambanjotram-piarahamonina. Iza àry no hitokiana ary amin'inona no tokony hianteherana amin'izy ireny? Indro fa teny soa mahafaly ho an'ny olombelona rehetra no ambaran'ny tenin'Andriamanitra amin'izao krismasy izao.

### 1) Mamelona ny fanantenan'ny olona ny Tompo

Noravan'ny fahavalon'ny zanakisiraely ny tempoly tao Jerosalema. Midika faharesen'Andriamanitra izany ho an'ny vahoakany ka tena kivy tokoa izy ireo. Noho izany, ny fipoiran'ny mpitondra hafatra mahafaly dia maneho fa mamangy ny olony indray Andriamanitra. Tsy miankina amin'ny vahoakany izay nivadika taminy izany fa noho ny famindrampony kosa. Ny anaran'i Isaia dia iray fototra amin'ny anaran'i Jesoa (Yeshoua), izay midika hoe « Andriamanitra no Mpamonjy ». Nisy ireo sisa teo amin'ny vahoaka izay nanantena izany famonjen'Andriamanitra izany ka nitsena izao vaovao izao tamin'ny fifaliana tokoa.

Nisy mpianaka izay tavela tanatin'ny haizin'ny korotam-bato tao ambanin'ny trano rava noho ny horohoron-tany. Teo am-piandrasana izay ho famonjena dia nampahery ilay zanany ny reniny. Nahazo toky ilay zanany rehefa nandre ny feon'ny reniny izy. Niverina anefa ny tahotra rehefa tsy nandre ny feon-dreniny Ilay zaza ka hoy izy: « mitenena foana f'aza mitsahatra satria toy ny jiro manazava izao haizina manjo antsika izao ny feonao ». Tahaka izany ihany koa ny Tenin'Andriamanitra tsy an-kiato izay entin'ny mino sy ny Fiangonana mba hamelona indray ny fanantenan'ny olona ny amin'Ilay Mpamonjy azy.

### 2) Ny votoatin'ny fanantenana avy amin'i Tompo

Betsaka ny mpanararaotra ny fahantrana sy ny fahoriana ary ny fitadiavan'ny olona fahasambarana ka mampanantena ho avy mahafinaritra sy mampiadana. Tsy ny teny rehetra no mirakitra soa ary tsy izay mampifalifaly ny olona no lazain'ny tena mpitondra ny hafatr'Andriamanitra. Ny Fiadanana no teny soa mahafaly ambarany. Andriamanitra manjaka ao amin'ny vahoakany no votoatin'izany Fiadanana izany. Misy heviny anankiroa izany eto: ny fanjakan'Andriamanitra dia miaraka amin'ny fanarenana ny tempoliny mba hiverina hivavaka sy hatoky ny fitondran'ny Tompo indray ny vahoaka sy ny mpitondra, ary amin'ny fahamasinan'ny vahoakan'Andriamanitra no hahitan'ny firenen-drehetra ny fahamasinan'Andriamanitra ka hanekeny Azy ho Mpanjaka. Ny Fiadanana ampanantenain'Andriamanitra dia tsy ho an'ny Fiangonana ihany fa ho an'izao tontolo izao indrindra koa.

Manaitra ny fisian'ny fandravana mialohan'ny fiadanana. Ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy afaka ny hifangaro amin'ny fahotana sy ny fahalotoana satria manamavo ny Anarany izany. Ny fananganana ny rava araka izany dia mifototra amin'ny Fiadanana avy amin'i Tompo. I Jesoa Kristy no efa nambara sahady tamin'izany: « ary ny anarany dia atao hoe: andrianan'ny fiadanana » (9.5-6). Ny Fiadanana ampanantenain'Andriamanitra ho an'izao tontolo izao dia miorina ao Aminy irery ihany (Jaona 1.12).

### 3) Fiadanana maharitra no omen'i Tompo

Tsy miova ny fitiavan'Andriamanitra ny vahoakany satria maharitra amin'ny fanekena nataony taminy Izy (49.14-16). Zavadehibe àry ny fisian'ny mpitondra izany hafatra izany eo amin'ny vahoakany mba hitoetra ny fiadanana nampanantenain'i Tompo.

Eny « an-tendrombohitra » no itarafana azy mba hiharihary tsara izy sy mba hanana ny akony ny teny toriny. Manampy azy ihany koa ny mpitily izay manao horakora-pifaliana.

Zavadehibe ny fiderana sy ny fankalazana an'Andriamanitra isanandro ataon'ny mino sy ny Fiangonana fa tsy amin'ny andro krismasy ihany satria mampahery ny fon'ny olona eo am-piandrasana ny fiavian'i Tompo izany. Mahasarika ny tanora ny fifaliana sy ny hafanam-piderana mandritra ny fanompoam-pivavahana. Zavadehibe ny fanampian'ny Fiangonana azy mba hahitan'ny toerany ao ka hitomboany amin'ny fanantenana manoloana ny ahiahiny sy ny adim-panahiny avy.

Ao amin'ny hafatra entiny no hahitana ny fahatsaran'ny Fiangonana fa tsy ao amin'ny tongony akory. Hitondra hazavana eo anivon'ny tontolo anjakan'ny haizina no antompisian'ny Fiangonana. Tsy tompon'ny hafatra izy fa mpitondra izany kosa. Ny tanjona kendreny sy ilofosany dia ny hahatafita ny hafatra satria izay no maha-izy-azy. Zavadehibe ny miasa sy manao hetsika samihafa araka izay ataon'ny Fiangonana satria manome voninahitra an'Andriamanitra ny fahatsarana asehon'izy ireny. Saingy poak'aty avokoa ireny raha tsy voatory sy iainana ao ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany. Andrandraina sy entina amim-bavaka hatrany ny Fiangonana mba hanohy ny asan'ny Mpaminany sy ny anjely izy. Ireny mantsy dia nitondra teny soa mahafaly ho fanafahana ny olona amin'ny devoly sy ny fahotana izay mamatotra azy (Lioka 2.4 / Romana 10.15).

Iaina Noely sy taom-piadanana hatrany anie isika miaraka amin'i Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjy antsika!

**Past Jean Teddy Ramaherijaona**

## « Qu'ils sont beaux, sur les montagnes, les pas de celui qui porte la bonne nouvelle, qui proclame la paix » (Esaïe 52.7)

# BONNE NOUVELLE

Le peuple de Dieu était vivement en attente de nouvelle car il était sous le joug du pays occupant. Ainsi, il manifeste leur grande joie en voyant celui qui annonce leur libération.

Les gens sont préoccupés devant les conflits actuels (pays, famille, religion), des bouleversements climatiques et des inégalités sociales profondes. A cet effet, les sociologues ont constaté un grand retour du religieux dans différents pays. Serait-ce une bonne nouvelle pour notre monde? Par les religions et de ceux qui s'y opposent, nous faisons face à un tsunami d'informations et de messages dans les réseaux sociaux. A qui faire confiance et en quoi s'accrocher? Voici qu'une bonne nouvelle est proclamée au monde entier en ce temps de Noël.

### 1) Dieu fait naître l'espérance

L'ennemi des israélites a détruit le temple de Jérusalem. Cela les a découragés car leur Dieu est vaincu par les dieux des autres nations envahissantes. Ainsi, l'apparition du messager qui porte une bonne nouvelle suscite en eux l'espoir du retour du Seigneur. Cette visite de Dieu parmi eux ne dépend pas de ce peuple mais de sa miséricorde. Le nom d'Esaïe (en hébreu) a la même signification que Jésus (Yeshoua): « Dieu sauve ». Les restes parmi le peuple ont espéré en ce secours de l'Eternel qu'ils ont vraiment reçu cette bonne nouvelle avec joie.

Une mère et son enfant étaient bloqués dans les décombres de leur maison lors d'un tremblement de terre. Elle encourage l'enfant en attendant leur secours. Celui-ci reprend courage en entendant la voix de sa maman. La peur lui revient lorsque sa mère se tait. Il lui demande alors de briser le silence car la parole de sa mère est comme une lumière qui les éclaire dans leur obscurité. Il en est de même de la parole de Dieu proclamée constamment par le chrétien et l'Église pour susciter à nouveau l'espérance des gens en Celui qui est le Sauveur du monde.

### 2) L'essence de l'espérance

Nombreux sont ceux qui profitent de la pauvreté et de la détresse des gens ainsi que de leurs quêtes du bonheur en leur promettant un avenir meilleur et prospère. Toute parole ne réserve pas forcément de bienfaits. Et celui qui annonce vraiment la parole de Dieu ne se contente pas de satisfaire ses auditeurs. La parole qu'il proclame est la paix. L'essence de cette paix est le gouvernement de Dieu au sein de son peuple. Il a deux significations ici: le règne de Dieu vient avec la restauration de son temple pour que le peuple et ses dirigeants puissent se remettre à la vie de prière et accorder une confiance totale en l'accompagnement du Seigneur, et les nations reconnaîtront Dieu comme Roi en constatant la sainteté de Dieu à travers son peuple. Dieu ne promet pas seulement sa paix pour son peuple mais surtout pour tous les hommes.

C'est étonnant de voir qu'il y a la destruction avant la paix offerte. Le royaume de Dieu ne peut se compromettre avec le péché ni avec l'impureté car cela profane son Nom. La restauration des ruines se reposera alors sur la paix de Dieu. On annonce déjà Jésus-Christ ici: « son nom sera appelé: Prince de paix » (9.5-6). La paix que Dieu promet au monde sera en Lui seul (Jean 1.12).

### 3) Dieu accorde une paix durable

L'amour de Dieu pour son peuple demeure à cause de son alliance avec lui (49.14-16). La présence du messager qui relaie cet amour divin est donc très importante pour le peuple afin que leur espérance en Dieu subsiste. On l'aperçoit « sur la montagne » pour qu'il soit bien vu des gens et pour que sa parole retentisse. Les sentinelles qui exultent avec leurs chants de triomphe l'accompagnent à ses côtés. Ainsi, la célébration et la louange à Dieu par le croyant et l'Église sont très indispensables tous les jours et non pas seulement à Noël pour que l'espérance en Dieu demeure jusqu'au retour de Jésus. Les manifestations de joie et la chaleur de la louange au cours du culte attirent les jeunes. L'Église devrait les accompagner pour qu'ils trouvent leur place afin qu'ils grandissent dans l'espérance en Dieu par rapport à leurs questionnements et leurs inquiétudes personnelles. C'est par son message qu'on pourrait constater la beauté de l'Église et non à cause de ses pieds (façades). L'Église apporte la lumière dans le monde où règne l'obscurité car c'est sa vocation. Elle n'est pas la propriétaire du message mais elle est juste l'émissaire. Son objectif principal est de faire passer le message et elle s'y investit. Les activités évènementielles de l'Église sont importantes pour honorer Dieu à cause de leurs splendeurs. Mais elles sont vides de sens si la bonne nouvelle concernant le royaume de Dieu n'y est pas vécue ni témoignée. Nous espérons et prions pour que l'Église continue la mission des prophètes et des anges qui ont proclamé la bonne nouvelle afin de délivrer les gens de l'emprise du diable et des péchés (Luc 2.4 / Romains 10.15). Puissions-nous encore vivre une année de paix sous l'accompagnement bienveillant de Jésus-Christ notre Seigneur!

**Past Jean Teddy Ramaherijaona**

## L'EDITO ( Suite )

Il est impossible de répondre à une telle question en quelques lignes.

Toutefois, un élément de réponse nous est donné dans notre péricope de Noël, dans Jean 1.1-18. Dans ce passage, l'apôtre Jean nous partage un message empli d'espérance et d'amour. Il nous raconte comment le Dieu Créateur a permis la rencontre du Ciel et de la terre afin de réconcilier le monde avec Lui-même. Voici ce que disent les versets 11 à 13:
*« [La Parole] est venue chez les siens, et les siens ne l'ont pas accueillie. 12 Mais à tous ceux qui l'ont acceptée, à ceux qui croient en son nom, elle a donné le droit de devenir enfants de Dieu, 13 puisqu'ils sont nés non du fait de la nature, ni par une volonté humaine, ni par la volonté d'un mari, mais qu'ils sont nés de Dieu*".

Chers frères et soeurs: ce Dieu merveilleux, omniscient, omnipotent et omniprésent, est aussi notre père. Il désire la réconciliation avec ses enfants, quand bien même ces derniers sont infidèles. Il désire l'amour malgré la méchanceté du coeur humain.

Faisons donc le choix de la paix. Faisons le choix de la réconciliation. Faisons de ce Noël 2023 un Noël d'unité avec Dieu ET avec les hommes.

Vivant ainsi réconciliés, nous mettrons fin à cette "abolition de l'homme par l'homme".

**Dr Seth Rasolondraibe**

# LES NOUVELLES DE LA FPMA

L'année 2023 a été une année d'ouverture et d'engagement à l'international pour la FPMA:

**Du 21 au 25 mars 2023**, à Oxford (R.U), participation à la pré-assemblée de la Fédération Luthérienne Mondiale (Région de l'Europe Centrale et Latine), en tant que membre depuis le 29 juin 1999.

Le thème était basé sur le verset de l'épîtres aux Éphésiens 4.4:
"Il y a un seul corps et un seul Esprit, tout comme vous avez aussi été appelés dans une seule espérance, celle de votre appel"

La FPMA était représentée par la présidente du Groupe des Jeunes Mme Tsanta Ramamison et le président de la FPMA, Pasteur Seth Rasolondraibe.

**Du 14 au 21 juin 2023**, à Tallin (Estonie), participation de la FPMA à l'Assemblée Générale du CEC, Communion des Églises Chrétiennes de toute l'Europe.

La FPMA était représentée par son Vice-Président le Pasteur Falimanana Raharindranto et son Président Seth Rasolondraibe.

**Du 12 au 19 Septembre 2023**, à Cracovie (Pologne), faisant suite à la pré-assemblée d'Oxford du mois de Mars 2023, la FPMA a participé à L'Assemblée Générale de la LWF.

Elle était représentée par son Vice-Président le Pasteur Falimanana Raharindranto et son Président Seth Rasolondraibe.

**Les 3 - 4 - 5 novembre 2023** a eu lieu l'Assemblée Générale de la FPMA.

En concordance avec les trois précédentes réunions internationales, nous avons axé notre AG sur le thème "Un seul corps, un seul Esprit et une seule Espérance".

Nous avons mis l'accent sur la jeunesse. Ainsi, trois Conférences principales suivies de 3 ateliers ont été conduits par deux jeunes pasteurs et le pasteur Vice-Président de la FPMA:

**1. THÈME: "UN SEUL CORPS"**

"La place des jeunes dans l'édification du corps du Christ au sein de la FPMA en 2030" Eph 4.12, Pasteur Henintsoa Rasolonjatovo

**2. THÈME: "UN SEUL ESPRIT"**

"La réponse des jeunes face au gémissement de l'Esprit " Rom 8.26 Pasteur Aina Mandresy Rakotondrandisa

**3. THÈME: "UNE SEULE ESPÉRANCE"**

" Quelle espérance pour l'année 2030 ? "
Pasteur Falimanana Raharindranto

En ce qui concerne le projet pastoral de la FPMA, à savoir Faire en sorte que 85 % des pasteurs soient salariés à plein temps en 2025, trois points méritent d'être soulignés:



**1. Le projet de vie d'Église**, qui consiste à dynamiser et à encourage ses membres à embrasser une culture de don de soi pour le Seigneur et pour son œuvre, est toujours en cours et en bonne voie.


**2. En 2022 et 2023**, par la grâce de notre Seigneur Jésus, la FPMA a ouvert 4 postes de pasteur à plein temps à Troyes, Grenoble, Rouen et Paris (mise en place d'un second pasteur). Un cinquième poste sera également ouvert avant la fin de cette année grâce à la venue du Pasteur Nalason Raoelimanana.

Un grand merci au Président Christian Krieger et à toute son équipe qui ont beaucoup contribué à l'obtention du visa du Pasteur Nalason.

Gloire à Dieu notre Père et à Jésus Christ notre Seigneur.

**Dr Seth Rasolondraibe, Président**

**APPLI FIHIRANA AUDIO**




Télécharger dans l'App Store
DISPONIBLE SUR Google Play

# FANDAHARANA IOMBONANA KRISMASY 2023

**Feon'orga**

**FIFAMPIARAHABANA - FIANTSOANA**

Hira : 67, and. 1, 2 sy 3 ("Avia ry mino hifaly sy hihoby")

**Vavaka fihaonana**

**SITRAPON'ANDRIAMANITRA**

**FIAIKEN-KELOKA**

**Mpitarika :** (Vavaka)

**Fiangonana:**« Ry Rainay be Famindram-po ô, mitalaho aminao izahay ; Mamelà ny helokay ; Diovy izahay ho afa-pahotana ; Sasao izahay ho afa-keloka ; Ary havaozy ny fanahinay mba ho vonon-kanompo Anao. Ny fitiavan'i Jesosy Kristy Zanakao Mpamonjy anay no angatahanay Aminao. Amena.»

**Hira:** Ry Andriamanitra Tompo Ray any an-danitra ô, mamindrà fo aminay ! Ry Jesosy Tompo Mpamonjy izao tontolo izao, mamindrà fo aminay ! Ry Fanahy Masina Tomponay Mpampionona ô, mamindrà fo aminay !

**TENY FAMELAN-KELOKA SY FIHAVANANA**

**Mpitarika :** (Teny famelan-keloka)

**Fiangonana :** AMEN

**FANKALAZANA**

**Mpitarika:** Voninahitra any amin'ny Avo indrindra ho an'Andriamanitra

**Fiangonana:** Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany.

Hira : 79 ("Sambasamba Zanahary")

**FAMAKIANA NY TENIN'ANDRIAMANITRA**

Hira : 45, and. 1 sy 3 ("He tonga ho antsika")

**Mpitarika:** Ho aminareo anie ny Tompo

**Fiangonana:** Ary ho amin'ny fanahinao

**Mpitarika :** Vavaka noho ny Teny

**TESTAMENTA TALOHA:** Isa. 52, 7 - 10

**EPISTILY :** Heb. 1, 1 - 6

**FILAZANTSARA:** Jao. 1, 1 - 18

**Fiangonana :** Isaorana anie Tompo noho ny Filazantsara!

**FANEKEM-PINOANA**

Hira: 63 ("Tany finaritra tarafin-danitra")

**TORITENY**

**Feon'orga**

**FILAZAN-DRAHARAHA**

**RAKITRA**

Hira: 77, 73, 70

Hira fanolorana:

Ry Tompon'ny harena ô,
Fanatitra an-tsitrapo
Atolotray Anao izao ;
Mba raiso ka tahionao. Amena.

**FANDRAISANA NY FANASAN'NY TOMPO**

Hira : 71, and. 3 sy 4 ("Mba omeo ny fonao fa angatahiny")

**Mpitarika :** Ho aminareo anie ny Tompo ! Aoka hizara ny fiadanana isika

**Fiangonana :** Ho aminao anie ny Tompo !

Ary ho aminao koa

**Sursum Corda** (Mitsangana)

**Mpitarika :** Asandrato ny fonareo ho eo amin'ny Tompo

**Fiangonana :** Asandratray ny fonay ho eo amin'ny Tompo

**Mpitarika :** Aoka ho deraintsika ny Tompo Andriamanitra

**Fiangonana :** Mendrika ho deraina Izy

**Préface** (Mitsangana)

**Mpitarika :** Eny tokoa Tompo ô, Ray Masina, Andriamanitra mandrakizay, mahefa ny zavatra rehetra, mety sy mahavonjy ny isaoranay Anao amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tomponay, izay tia anay sy nanolo-tena hamonjy anay ; amin'ny alalany koa no ideran'ny anjely ny fiandriananao sy itsaohan'ny fanapahana sy ny fahefana rehetra Anao amin'ny tahotra ary iarahan'ny fiangonana any an-danitra sy ety an-tany midera ny Anaranao amin'ny fihobiana ary izahay koa ankehitriny miara-manandratra ny feonay aminy, ka amin'ny fanajana lehibe no ideranay hoe :

- Hira : Antema 1 ( Sanctus )

Masina ! Masina ! Masina Jehovah Tompo ! Feno ny voninahitrao izao

rehetra izao ry Tompo ô ! Amena

**Vavaka** ( Fisaorana, Anamnèse, Epiclèse ) (Mipetraka)

**Mpitarika :** Ry kristiana malala, aoka isika hahatsiaro an'i Jesoa Kristy Izay maty nisolo antsika sy nitsangana ho fanamarinana antsika, dia fanati-pihavanana natolotr'Andriamanitra antsika, ary aoka isika hiara-misaotra sy hivavaka :

Misaotra anao izahay Andriamanitra Rainay, tompon'ny lanitra sy ny tany, fa noho ny famindram-ponao aminay mpanota mahantra, dia nomenao ny Zanakao Lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay.

# FANDAHARANA IOMBONANA KRISMASY 2023

**Fiangonana :** Efa maty Kristy, efa nitsangana Kristy ary ho avy amim-boninahitra.

**Mpitarika**: Noho izany ry Tompo, Rainay any andanitra ô, indreto izahay manao eto anatrehanao ny fahatsiarovana ny fahatongavan'ny Zanakao ho olona, ny fijaliany sy ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiakarany tamim-boninahitra sy ny fifonany mandrakizay ho anay, ka miandry sy mitalaho ny fiverenany izahay.

**Fiangonana :** Amena, avia Jesoa Tompo !

**Mpitarika :** Ankehitriny, Ray ô, aidino ny Fanahy Masina mba hameno ny fonay ka handraisanay tokoa ny Tomponay amin'ny finoana velona amin'izao Izy manatona anay amin'izao fanasana izao. Fa ny Fanahy Masina no aharianao, amelomanao, anamasinanao ary anomezanao anay ny zava-tsoa rehetra.

**Fiangonana :** Amena, avia Fanahy Masina !

**Mpitarika :** Misaotra Anao izahay Ry Jeso Kristy Tompo ô ! Midera ny Anaranao izahay Ry Zanak'Andriamanitra Lahy Tokana Mpamonjy anay ! Ankalazaina anie Hianao noho ny fitiavanao izay mahery noho ny fahafatesana. Ary izahay izay tonga eto anatrehanao hiombona amin'ny latabatrao dia mangataka mba hampiraisonao Aminao, ohatrin'ny sampana amin'ny voaloboka.

Ampianaro hifankatia tahaka ny nitiavanao anay izahay, ary aoka izahay hiara-manana amin'ny fiangonana masina manontolo ny fiononana sy ny fifaliana Aminao, dia Hianao izay miara-manjaka amin'ny Ray sy ny Fanahy Masina hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

**Fiangonana :** AMENA !

**TENY FANORENANA SY FANAMASINANA** (Mitsangana)

**Mpitarika :** Jeso Kristy Tompo tamin'ny alina izay namadihana Azy dia nandray ny mofo, ary rehefa nisaotra Izy dia novakiany ka hoy Izy :

« Raiso, hano, ity ny Tenako izay omena ho anareo, izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. »

Ary toy izany koa ny kapoaka rehefa nihinana, dia hoy Izy :

« Misotroa amin'ity hianareo rehetra, fa ity no rako dia ny amin'ny fanekena vaovao izay alatsaka ho an'ny rehetra ho famelan-keloka. Koa na oviana na oviana no misotro hianareo, dia izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. »

Misaotra ny Ray, izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin'ny lovan'ny olona masina eo amin'ny mazava. Amena.

Hira : 117 (Agnus Dei)

**Mpitarika :** Efa nandray ny Fanahy mahazanak'Andriamanitra antsika isika, koa izany no hahafahantsika manatona ny Ray, hoe :

**Fiangonana :** (Vavaka nampianarin'ny Tompo)

**FANASANA**

**Mpitarika :** Ny mofo izay vakiantsika dia firaisana amin'ny tenan'i Jeso Kristy Tompontsika. Ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika dia firaisana amin'ny Ran'i Jeso Kristy Tompontsika. Hoy ny Tompo : andeha, efa voavotra avokoa ny zavatra rehetra !

**FANDRAISANA :** 62, 75, 64

**TENY FAMPAHEREZANA** (mitsangana)

**Mpitarika :** Jeso Kristy Tompontsika izay voahombo tamin'ny hazo fijaliana ka nitsangana tamin'ny maty no efa nanome anareo ny tenany sy ny rany izay nanavotany anareo tamin'ny fahotana rehetra, Izy anie hampahery sy hiaro anareo amin'izany amin'ny finoana marina ho fahasambarana mandrakizay. Ho aminareo anie ny fiadanana !

**FIANGONANA :** AMENA

**Hira :** **266** (« Ry Jeso Tompo, Hianao »)

**VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA**

**HAFATRA SY TSODRANO**

Hira : 68, and. 1 ("Re tokoa ny feon'anjely")

**Mpitarika :** TSODRANO

Hira : 68, and. 3 ("Be ny lazanao ry Tompo")

**Fiangonana :** Ary ho amin'ny fanahinao.

**Mpitarika :** Tsodrano

**Mpitarika :** Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay. Amena. Mandehana amin'ny fiadanana, ka manompoa ny Tompo !

**Fiangonana :** ISAORANA ANIE ANDRIAMANITRA !

**Feon'orga firavana**

